

NY RIVO-PIAINANA AO AN-TOKANTRANO

Ny tokantrano no fanorenan'ny fiaraha-monina ao an-tanàna

Fianakaviana maromaro na betsaka no mahatonga ny fiaraha-monina, ary dia arakaraka izay itondran'ireo loham-pianakaviana azy no hahavanona azy. Avy ao amin'ny fo, hoy ny Soratra Masina, no "iavian'ny aina", na ivoahan'ny aina, ary ny fon'ny mpiray monina sy ny fon'ny fiangonana ary ny fon'ny firenena, dia tsy inona fa ny tokantrano. Ny fahatsaran'ny fiaraha-monina sy ny fahombiazan'ny fiangonana ary ny

firoboroboan'ny firenena dia miankina amin'ireo hery miasa mangina ao an-tokantrano.

Arakaraka ny fomba sy ny fitondran-tenan'ireo tanora mitombo ho olon-dehibe manodidina antsika, no ho fisandratry ny ho avin'ny fiaraha-monina na ny fikororosiny. Koa tahaka ny itaizana ny tanora sy amolavolana ny toetra amam-panahiny, dieny mbola zaza, mba hanana fahazarana tsara ary mba hahay mifehy tena sy mandini-tena, dia ho tahaka izany koa ny hery miafina hivoaka avy aminy hiasa eo amin'ny tany ama-monina. Fa raha avela tsy ho voazava sy tsy voafehy izy dia ho tonga mpanjakazaka ary tsy tan-dalàna eo amin'ny tsy fahalalana onony sy ny firehetam-po, dia ho tahaka izany koa aoriana ny hery miasa mangina mivoaka avy ao aminy ka hamolavola ny mpiara-monina. Ny namana ikambanan'ny tanora ankehitriny, ary ny foto-kevitra zanahany no fanondro mampiseho ny toetoetry ny tany ama-monina rehefa afaka taona maromaro aoriana ao.

Sombin-danitra eto an-tany

Tokony hatao tahaka izay rehetra voafaoka amin'ity teny hoe lanitra ity ny tokantrano. Tokony ho lanitra kely eto an-tany izy, ho toerana fikolokoloana fifankatiavana, fa tsy toerana fikarohana izay handravana azy. Miankina amin'ity fikolokoloana ny fitiavana sy ny firaisam-po ary ny fifanajana marina ity ny fahasambarantsika.

Amin'ny lafiny maro, dia ny ray aman-dreny no mamorona ny rivo-piainana ao amin'ny tokantrano, ary rehefa misy ny fifanarahana eo amin'i Dada sy i Neny, dia manana izay toe-panahy izay koa ny ankizy. Ny fifampiheverana mamy no etona mahamanitra ny rivo-piainana ao an-tokantrano. Raha tonga mifampiolonolona ianareo, ka lasa tsy Kristianina intsony araka ny Baiboly, dia aoka hiova fo.

Raha tianao ny ho olo-masina any an-danitra, dia tsy maintsy ho masina eto an-tany aloha ianao. Tsy mba ho voaovan'ny fahafatesana na ny fitsanganana amin'ny maty mantsy ireo lafiny amin'ny toetra amam-panahy izay maminao eto amin'ity fiainana ity. Hivoaka avy ao am-pasana ianao

miaraka amin'ireo toetra nasehonao tao anatin'ny tokantranonao sy ny tany ama-monina fa tsy amin'ny fiavian'i Kristy vao hovana ny toetrantsika. Tsy maintsy vita dieny izao ny asa fanavaozana. Ny fiainana ivelomantsika isan'andro no manapaka izay ho anjarantsika mandrakizay.

Ny maha-zava-dehibe ny fitsipika

Tokony hanana fitsipika harahina ao aminy ny tokantrano kristianina rehetra, ary ny ray aman-dreny, eo amin'ny fiteniny sy ny fomba fifampitondrany, dia tokony hanome ohatra velona sy sarobidy ho an'ny zanany ny amin'izay mba iriny ho fiainan'izy ireny. Tokony hotanterahina lalandava ny fahadiovana eo amin'ny fiteny sy ny fifanajana marina hita eo amin'ny tena Kristianina. Ampianaro hifanaja ny ankizy sy ny tanora; ampianaro ho marina eo amin'Andriamanitra sy ho marina eo amin'ny foto-kevitra ijoroana; ampianaro hanaja sy hankatò ny lalàn'Andriamanitra izy.

Hifehy ny fiainany ireo foto-kevitra ireo ary hotanterahiny eo amin'ny firaisany amin'ny olon-kafa. Hamorona rivo-piainana madio ireny, dia rivotra izay hanana hery miafina hanatanjaka ny fanahy malemy eo amin'ity lalana mideza ity, nefa mitarika ho eo amin'ny fahamasinana sy ny lanitra. Aoka hanana toetra mampisandratra sy mahamendrika ny lesona rehetra, ary ny soratra nanoratan'ny anjely an'ireny ao amin'ny bokin'ny lanitra, dia tsy hahamenatra anao eo amin'ny fitsarana ho avy.

Ataovy mamirapiratra sy sambatra ny tokantrano

Mety hibosesika ny fahasahiranana, nefa anjara mpahazo ny olombelona ihany ireny. Aoka ny faharetana sy ny fisaorana ary ny fitiavana no hitahiry ny tanamasoandro ao am-po, na dia ohatra ny mandrahona indrindra aza ny andro.

Mety ho tsotsotra ihany ilay tokantrano, nefa kosa aoka ho toerana hitenenana teny falifaly mandrakariva sy hanaovana asa feno fahalemem-panahy izany, ka ny fifanajana sy ny fitiavana no vahiny nasaina ary monina ao.


Amin'ny fahendrena sy ny fitiavana no ampiharo ny fitsipiky ny tokantrano, fa tsy amin'ny tehim-by. Hanaiky sy hankatò tsara ny fitsipiky ny fitiavana ny ankizy. Mba ankasitraho ny zanakao, na oviana na oviana no azonao hanaovana izany. Ataovy izay mba hahasambatra ny fiainany araka izay mety ho tratra. Tazony ho malemy ny tanin'ny fo amin'ny fanehoana fitiavana sy firaisana mamy, mba hanomana azy hilatsahan'ny voan'ny fahamarinana. Tsarovy fa tsy rahona sy ranonorana ihany akory no omen'ny Tompo ny tany, fa ny tanamasoandro tsara tarehy sy ny tsikitsiky koa, mahatonga ny voa hitsiry ary vonin-kazo hivelatra. Tsarovy fa tsy fanomezan-tsiny sy famaizana ihany no ilain'ny ankizy, fa tanamasoandro mahafinaritra sy tenim-pahalemem-panahy koa.

Ny fanatrehan'i Kristy

Toerana tian'ny anjely hovangiana ny tokantrano izay miravaka fitiavana sy firaisam-po ary halemem-panahy, ary ahazoan'Andriamanitra voninahitra koa izany. Ny hery miafina avy ao amin'ny tokantrano voaambina tsara eo amin'ny andron'ny fahazazana sy ny fahatanorana no arofanina azo antoka indrindra amin'ny fahalovana. Eo amin'ny rivo-piainan'ny tokantrano toy izany dia sady mianatra ny ho tia ny ray aman-dreny ara-nofo ny ankizy no ho tia koa ny Rainy any an-danitra.

Fahamasinana araka an'Andriamanitra no hanjaka ao an-tokantrano. Hitaiza tena hiara-miasa amin'Andriamanitra ny ray aman-dreny sy ny ankizy. Hampifanaraka ny fahazarany sy ny fanaony amin'ny fikasana voavolavolan'Andriamanitra izy rehetra.

Ny firaisan'ny fianakaviana amin'izay dia ho tonga fanamasinana amin'ny hery miafina avy aminy. Ny tokantrano kristianina voaorina ary voatarika araka ny hevitr'Andriamanitra maty paika, dia fanampiana mahagaga tokoa hamoronana toetra amam-panahy kristianina. Tokony hiray ny ray aman-dreny sy ny ankizy, hanolotra fanompoam-pivavahana ho an'Ilay afaka hitahiry ny fitiavan'ny olombelona ho madio sy mendrika.



IREO FOTOTRY NY TENA FANORENAN-TOKANTRANO

Ilaina ny tokantrano mahasintona

Andraikitra mavesatra mitambaby amin'ny ray aman-dreny ny hiaro sy hitandrina ny ho avin'ny zanany sy ny fahasambarany ary ny tombon-tsoany; adidiny toy izany koa ny hahatonga ny tokantranony ho toerana mahasintona araka izay azony atao. Zava-dehibe lavitra noho ny fahazoana vola aman-karena izany. Tsy tokony ho tapaka ao an-tokantrano ny famirapiratan'ny masoandro. Tokony ho voatahiry ao am-pon'ny ankizy, toy ny sary velona, ny fiainana tao an-tokantrano, ka rehefa mitodika izany tokantranon'ny fahazazany izany izy, dia hahatsiaro fa toerana feno fiadanana sy fahasambarana akaiky ny lanitra izany, ary rehefa olon-

dehibe kosa izy dia mba hiezaka ho tonga fampaherezana sy fitahiana ho an'ny ray aman-dreniny.

Ny tokantrano no toerana tokony hanintona indrindra ny ankizy eto an-tany, ary ny maha-ao ny reny no tokony ho anton'izany lehibe indrindra. Mora andairan-javatra ny ankizy, ary manana toetra be fitiavana izy. Zavatra kely dia mahafaly azy, ary zavatra kely ihany koa dia mampahory azy.

Amin'ny alalan'ny fifehezana feno hamoram-po, ny teny mamy sy ny fihetsika ombam-pahalemem-panahy no ahazoan'ny reny mamatotra ny zanany amin'ny fony.

Madio - Milamina

Ilaina amin'ny fitondrana tsara ny tokantrano ny fahadiovana sy ny tsy misy tomika ary ny filaminana. Nefa raha ireo ihany kosa no ataon'ny reny ho adidy lehibe indrindra ao amin'ny fiainany, izay anolorany tena tanteraka, fa manao an-tsirambina ny fitomboana ara-batana ny fanabeazana ara-tsaina amam-panahy ilain'ny zanany izy, raha izany no ataony dia fahadisoana mampalahelo izany.


Tokony hiaro tena isika amin'ny haingo sy ny fivelabelarana tsy misy antony, tsy azontsika atao mihitsy anefa ny manao kitoatoa sy manao an-tsirambina ny fisehoana ivelany. Tokony hadio sy hanintona izay rehetra mikasika ny tenantsika sy ny tokantranontsika. Tokony hampianarina ny tanora ny maha-zava-dehibe ny fisehoana ety ivelany tsy azo kianina, fisehoana izay manome voninahitra an'Andriamanitra sy ny fahamarinana.

Tsy ankasitrahan'Andriamanitra ny korontana sy ny fitsilamodamohana ary ny tsy fahatanterahana na amin'iza na amin'iza. Zava-doza marina ireo toetra tsy ampy ireo, ary mahatonga ny fitiavan-dralehilahy hiala amin'ny vadiny raha tia filaminana izy, sy tia zaza voafehy tsara, ary tia trano voalamina tsara. Tsy azon'ny vady sady reny atao ny hahatonga ny tokantranony ho mahafinaritra sy ho sambatra raha tsy tia filaminana izy, raha tsy miaro ny voninahiny izy

ary raha tsy mahay mitondra; kanefa izay rehetra tsy mahatanteraka izany dia tokony hanomboka avy hatrany hampianatra ny tenany ka hikolokolo izay toetra banga aminy indrindra.

Ireo adidy isan'andro

Samy manana ny lanjany ara-panahy avokoa ireo asa rehetra ataontsika ka tokony hatao tokoa, na ny sasa lovia izany, na ny fandaminana ny latabatra fihinanana izany, na ny fikarakarana ny marary, na ny fandrahoan-kanina, ny fanasana lamba. Tsy maintsy misy manao ireo asa tsotra ataontsika ireo, ary izay manao izany dia tokony hahatsapa fa manao asa ilaina sy manana ny hasiny izy ary hahatsapa fa eo am-panatanterahana ny adidy nanirahana, na dia tsotra aza izany, dia manao ny asan'Andriamanitra izy toa an'i Gabriela nirahina ho any amin'ny mpaminany.



NY TOKANTRANO VOALOHANY

Nomanin'Andriamanitra

Andriamanitra mihitsy no nanomana ny tokantrano tao Edena ho an'ireo ray aman-drenintsika voalohany. Rehefa novatsiany tamin'izay rehetra mety hirin'ny olona izany, dia hoy Izy: “Andeha isika hamorona olona araka ny endritsika, araka ny tarehintsika”.

Nahafa-po ny Tompo ity farany indrindra sy ambony indrindra tamin'ny nohariany, ary nanendry io olona manana toetra tanteraka io Izy hitoetra eo amin'ny tany feno fahatanterahana. Nefa tsy fikasany ny hitoeran'ny olombelona samirery. Hoy Izy: "Tsy tsara raha irery ralehilahy; dia hanaovako vady sahaza ho azy izy".

Andriamanitra mihitsy no nanome ho an'i Adama. Nanomana mpanampy sahaza ho azy Izy, mpanampy hifanaraka aminy, antonona ho namany; ary afaka ho iray aminy amin'ny fitiavana sy ny firaisam-po.

Taolana avy ao amin'ny tehezan'i Adama no namoronana an'i Eva, mampiseho izany fa tsy ho lohany hifehy azy izy na ho ambaniny ka hitsakitsahin'ny tongony, fa hijoro eo anilany hitovy aminy, ho tiany sy harovany. Sombin'ny tenany, taolan'ny taolany, nofon'ny nofony, tenan'i Adama faharoa izy; mampiseho ny firaisana ety sy ny firaiketana mamy tokony ho hita eo amin'io fifandraisana io izany. Fa tsy misy olona mankahala ny nofony, fa mamelona azy sy tia azy izy. "Ka noho izany dia handao ny rainy sy ny reniny ralehilahy, ka hiray amin'ny vadiny; ary ho nofo iray izy roroa".

Ny fanambadiana voalohany

Andriamanitra no nankalaza ny fanambadiana voalohany. Ny Mpamorona izao tontolo izao izany no niavian'io tsangambato io. "Mendri-kaja ny fanambadiana"; anankiray amin'ireo fanomezana nomen'Andriamanitra ny olona izy, ary izy no iray amin'ireo tsangambato roa izay nentin'i Adama niaraka taminy nivoaka ny vavahadin'ny Paradisa, taorian'ny fahalavoany. Fitahiana ny fanambadiana rehefa ekena sy ankatoavina ny foto-kevitra avy amin'Andriamanitra momba izany; miaro ny fahadiovana sy ny fahasambaran'ny taranaka izy, manome izay ilain'ny olona eo amin'ny fiaraha-monina, manandratra ny toetra ara-batana sy ara-tsaina ary ara-panahy izy.

Nomena azy izay ilainy rehetra

Voahodidin'izay rehetra nirin'ny fony i Adama. Nomena azy izay ilainy rehetra. Tsy nisy fahotana na aloky ny fahasimbana tao amin'ilay Edena be voninahitra. Niresaka tamin-kalalahana sy tamim-pitiavana tamin'ireo mpivady masina ny anjelin'Andriamanitra. Nanandratra ny hiram-pahafahany, feno fifaliana sy fiderana ny Mpamorona azy ireo voronkely sambatra. Ireo biby tsy manan-tsiny, feno fahasambarana sy fiadanana dia nilalao nanodidina an'i Adama sy i Eva sady nankatò ny tenin'izy mivady. Teo amin'ny fahatanterahan'ny maha-olombelona i Adama ary izy no ambony indrindra tamin'ny asan'ny Mpamorona.

Nomena ho anjara asan'i Adama ny fitandremana ny saha. Fantatry ny Mpamorona fa tsy nety ho sambatra izy raha tsy nanana fototr'asa. Nahafinaritra azy ny hatsaran-tarehin'ny saha, nefa tsy ampy izany. Tsy maintsy niasa izy mba hampihetsika ireo rantsam-batana mahagaga ao amin'ny tenany. Raha ny tsy fanaovana na inona na inona no atao hoe fahasambarana, dia tsy ho navela hiasa ny olombelona, teo amin'ny tsy fananan-tsiny sy ny fahamasinany. Nefa fantatr'Ilay namorona ny olombelona izay ilaina ho fahasambarany; ary raha vantany vao namorona azy Izy dia nomeny azy ny asa antonona azy. Ny teny fikasana momba ny voninahitra ho avy sy ny didy milaza fa tsy maintsy ho tsemboka ny olona hahazoany izay hohaniny isan'andro, dia avy amin'ny seza fiandrianana iray ihany.

Manome voninahitra an'Andriamanitra

Ny ray aman-dreny izay manao an'Andriamanitra ho voalohany ao an-tokantranony, ka mampianatra ny zanany fa ny fahatahorana an'i Jehôvah no fiandoham-pahendrena dia manome voninahitra an'Andriamanitra eo anatrehan'ny anjely sy eo anatrehan'ny olona rehefa milamina sy voafehy tsara ny fianakaviany, rehefa tia sy mankatò an'Andriamanitra izy fa tsy mikomy Aminy. Tsy vahiny ao an-tokantranony i Kristy, anarana mahazatra ao an-tokantranony ny anarany, hajaina sy omem-boninahitra.

Tian'ny anjely ny tokantrano izay anjakan'Andriamanitra, izay ampianarana ny ankizy hanaja ny fivavahana sy ny Baiboly ary ny Mpamorona azy. Ny fianakaviana toy izany dia afaka hitaky ny teny fikasana hoe: “Izay manome voninahitra Ahy no omeko voninahitra”. Rehefa mandeha mamonjy ny asany isan'andro ny raim-pianakaviana amin'ny fianakaviana toy izany, dia mandeha amin'ny saina tony sy babon'ny firesahana amin'Andriamanitra izy.